# ASA FANOHIZANA TSELATRA

Misaotra an'Andriamanitra lehibe nohon'ny nahatanterahan'ny CPV 2023. Maro ireo mpianatra nanolo-tena ho an'Andriamanitra tao anatin'izany fotoana izany. Ataontsika ahoana no hamela azy ireny amin'izao ? Izany indrindra no antony hanaovana izao programan'asa fanohizana izao mba hampiorenana azy ireny. Nomena anarana hoe : « Asa Fanohizana Tselatra » (AFT )izany noho izy fitaovana mandalo ihany ho fanampiana ireo GBL amin'ny fampandehanana ny fampiorenana ireo nanolotena tao anaty lasy. Koa indro ary atolotra antsika Encadreurs sy GBL izany fitaovana izany :

## ➢ Tanjony

Rehefa vita ity AFT ity dia te hahita ireo nanolo-tena tao amin'ny lasy sy ireo mpikambana GBS :

- Mahalala sy manana ireo fototra ho amin'ny fiorenana amin'ny Tenin'Andriamanitra.
- Manana tari-dalana ho amin'ny fampiorenan-tena.
- Manana fanirina sy handray fanapahan-kevitra hiditra ho mpikambana mba hanohy ny asan'ny GBS.

## ➢ Fomba fiasa

- Ny encadreurs izay avy nanao CPV tany an-toerana no fitaovana ampiasaina hiandraikitra voalohany izao asa fanohizana izao.
- Amporisihina ihany koa anefa ny délégué sy ny mpiandraikitra ny GBS hiara-miasa amin' ireo encadreurs mba hahamora ny fanatanterahana izany.

## ➢ Hetsika entina hanatanterahana izany

- Ny **FAFI** sy ny **FyTarika**, izay efa fitaovana efa ananana no entina ampiasaina hanaovana izany asa fanohizana izany. Toy izao ambara manaraka izao ireo fomba entina hanatanterahana izany :
    - ✓ Ny volana May iray manontolo no hanatanterahana izany ka manomboka ny 6 May hatramin'ny 10 Jona.
    - ✓ Maka 30 – 40 min mialoha ny RG hanatanterahana azy.
    - ✓ Ho an'ny Fy Tarika dia ny EB 1 no iarahana manao ao anaty fivoriana (Samy manao personnelle) fa ny EB ambiny kosa dia atao any an-trano mandram-pahatongan'ny herinandro hiaonana indray.
    - ✓ Tsy voatery ho andro Sabotsy fa atao mifanaraka amin'ny RG GBS. Tsara raha fotoana raikitra anefa no anaovana azy.
- Toy izao tanisaina manaraka izao ireo zavatra ho tanterahina amin'izany :

| DATY | PROGRAMA | CONTENU | FANAMARIHANA |
|---|---|---|---|

| | | | |
|---|---|---|---|
| **6 Mai** | FAFI | Ny Fahazoana antoka ny famonjena | Mijery hoe misy sakaiza afaka mitondra ilay fampianarana ve ?<br><br>Raha tsy misy dia miezaka mitady fomba hafa ahazahoan'ireo vao nanolo-tena izany. (mandefa version audio, Manofana GBS izay afaka mitondra azy,sns… |
| **13 Mai** | FYTARIKA | Ny Fahazoana antoka ny Famonjena | Mitady ny fomba ahazahoan'ireo vao nanolo-tena ny Fytarika efa imprimé. |
| **20 Mai** | FAFI | Ny Fihaonana amin'Andriamanitra | Mijery hoe misy sakaiza afaka mitondra ilay fampianarana ve ?<br><br>Raha tsy misy dia miezaka mitady fomba hafa ahazahoan'ireo vao nanolo-tena izany. (mandefa version audio, Manofana GBS izay afaka mitondra azy,sns… |
| **27 Mai** | FYTARIKA | Ny Vavaka | Mitady ny fomba ahazahoan'ireo vao nanolo-tena ny Fytarika efa imprimé. |
| **3 Juin** | FAFI | Ny maha tenin'Andriamanitra ny Baiboly | Mijery hoe misy sakaiza afaka mitondra ilay fampianarana ve ?<br><br>Raha tsy misy dia miezaka mitady fomba hafa ahazahoan'ireo vao nanolo-tena izany. (mandefa version audio, Manofana GBS izay afaka mitondra azy,sns… |
| **10 Juin** | FYTARIKA | Ny Fandinihana ny tenin'Andriamanitra | Mitady ny fomba ahazahoan'ireo vao nanolo-tena ny Fytarika efa imprimé. |

➢ **Izay andrasana amin'ny Encadreurs**

- Manangona izay mety ho contacts ilaina rehetra mba hahamora ny fampitana ny asa fanohizana any amin'ny Local izay nanaovana CPV.
- Mifandray amin'izay mpiandraikitra eo an-toerana mampita ilay «Contenu Travail de suite ».
- Manara-maso ny fanaovan'ireo vao nanolo-tena izany. Mifandray tsy tapaka amin'izy ireo.
- Manao tatitra isan-kerinandro aty amin'ny Foibe amin'ny alalan'ireto fanadaminana ireto :

→ Antananarivo :

→ Toamasina :

→ Fianarantsoa :

→ Mahajanga :

→ Toliara :

→ Antsiranana :

- **Izay andrasana amin'ny GBL**
  - Mifandray amin'ireo mpianatra vao nanolo-tena ka miezaka mahafantatra azy ireny tsara.
  - Miaraka mandamina amin'ny komitin'ny GBS ny fotoana ahafahana manatanteraka izao asa fanohizana izao
  - Mifandray tsy tapaka amin'ireo Encadreurs miandraikitra ny fanaraha-maso ny « Travail de suite ».
  - Manohy izay asa nataon'ny enccadreurs rehefa vita ity hetsika Travail de suite ity.

- **Izay andrasana amin'ny SNS**
  - Mifandray amin'ny Délégué rehetra ka mampahafantatra ny fisian'izao fanaovana ny asa fanohizana iombonana izao. Mampatsiahy azy ireo izay andraikitra mifanandrify aminy amin'izany.
  - Manangona sy mamolavola ireo Fampianarana ao anatin'ny «outil Travail de suite »
  - Manaitra sy manentana ireo Encadreurs amin'ny fanatanterahana ny asa.
  - Manangona ireo tatitra avy amin'ireo mpiandraikitra faritany ary miezaka mandroso vahaolana amin'ireo sakana tsy ahafahana manao izany.

- **Izay andrasana amin'ny LABO**
  - Miara-miasa amin'ny SNS amin'ny fanaraha-maso ny fandehanan'ny Travail de suite. Izany hoe miditra ekipa amin'ny fanaraha-maso ny Province.

- **BUDGET**
  - Raha ny mifandraika amin'io asa fanohizana io dia ireto avy no ilàna vola :

**1) Impression Fytarika**

| Isan'ny GBS sy nanolo-tena | Impression Fy Tarika 3 thèmes | TOTALINY |
|---|---|---|
| 600 | 1200 Ar | 720 000 Ar |

**2) Appel , sms, Data,….**

| Isan'ny GBL Nilasy | Crédit par GBL | TOTALINY |
|---|---|---|
| 75 | 6000 (1000ar/Semaine) | 450 000Ar |

- Avy aiza avy ary ny Ressources ho an'ireo vola ireo?

## Mahakasika ny PI RG

Mba hisian'ny fitohizana eo amin'ny programme PI GBS dia ezahina tsy kitihina ireo programa efa voalahatra. Tsy hoe didy sy lalana anefa izany ho an'ireo local izay mahita fa tena misy « besoins » hafa ankoatra izay voalahatra ao.

Ireo Programan'ny PI RG ireo mantsy dia manampy antsika hanatratra ilay zava-kendrena farany voalaza eny ambony dia ny hananan'ny mpanatrika hetaheta ho tonga mpikambana GBS.

FANAMARIHANA

- Koa satria mampiasa FAFI Bref isika, mba hamahana ny olan'ny tsy manana sakaiza hitondra azy dia sao asiana « question » andrefesan'ny encadreur ny fahazahoan'ny GBS azy ilay FAFI dia afaka zaraina ohatran'ny Fytarika ihany koa ohatra.
- Tombony amin'izay dia mampitombo ny esprit de recherhce personnelle an'ny GBS ilay izy irery mamky azy any.
- Tsy haka lavabe ny fotoanany io satria une page ihany ny thème iray.
- Ahoana ilay fitsinjaram-potoana ao amin'ny RG sy ity travail de suite ity?